

# ANDRIAMANITRA TSY MANDAO

**Do dia Bb** | Bà Gasy | **AC: Laurent RAKOTOMAMONJY**






Ry mpanota ô, tsarovy fa Andriamanitra tsy mandao.
Andriamanitra tsy mandao é sy mandao anao ;
fa ianao no maniasia mandeha mizotra amin'ny ankavia ;
fa Andriamanitra tsy mandao é tsy mandao anao:
fa ianao no mamilafila sady mitady no toa tsy mila azy
fa Izy dia tsy mandao é tsy mandao anao.

Fa raha nanafatra anao Izy ka niteny nanao hoe:
lalan-kely arahina fa aza mizotra amin'ny lalam-be.
tsy nino an'izany ianao fa io hoy ianao no hita fa tena tsara:
nefa io hizoranao io hay any an-davaka no miafara!

Fa raha naniraka anao Izy ka niteny nanao hoe:
ndeha torio ny Filazantsara ho ren'ny olona marobe.
ianao tsy nitory fa natahotra_hifandona amin'i losifera:
tsy mba manana finoana fa vao voadona dia efa mianjera!

Ry sakaiza ô, tsarovy fa ny Tompo dia tsy mandao.
fa ny Tompo dia tsy mandao é tsy mandao anao:
fa ianao no maningatsingana, sasa-miarina fa voafingana
fa Izy dia tsy mandao é tsy mandao anao:
fa ianao ity no mialangalana, te hiverina an-tsasa-dalana
fa Izy dia tsy mandao é sy mandao anao.